# Lesona 12: Miara-monina

## Scripture Song: Rejoice always – 1 Thessalonians 5:16-18, Philippians 4:6

### A. Mpivady

1. Kolosiana 3:18a Fomba ahoana no nandraisana an'io torohevitra io ivelan'ny tontolo-keviny ka nampiasaina azy amin'ny tsy tokony ho izy?
2. Inona no famaritana lehibe hita ao amin'ny tapany faharoa amin'ny Kolosiana 3:18?
3. Ahoana no anampian'ireto andininy manaraka ireto antsika hahatakatra io hevitra momba ny fanekena io eo anivon'ny fianakaviana? Efesiana 5:21-22
4. Kolosiana 3:19 Inona no torohevitra omen'ny apostoly Paoly ho an'ny lehilahy manambady? (Jereo koa ny Efesiana 5:25).
5. Antsoina hifankatia amin'ny fitiavana *agape* isika. Ahoana no hamaritanao ny fitiavana *agape*?
6. Ahoana no hahatanteraka ny fitiavana toy izany eo anivon'ny fianakaviana? Romana 5:5
7. Inona no fampianarana nomen'i Jesosy izay manasongadina ny maha-zava-dehibe ny fifankatiavana amin'ny fitiavana *agape*? Jaona 13:34-35

### B. Ray aman-dreny sy zanaka

1. Kolosiana 3:20 Inona no torohevitra omen'ny apostoly Paoly ho an'ny zanaka?
2. Inona koa no torohevitra hafa hita ao amin'ny Soratra Masina momba ny fanabeazana? Deoteronomia 6:6-7, Ohabolana 22:6, sns.
3. Misy fotoana ve ny zanaka mahazo tsy mankatò ny ray aman-dreniny? Asa 5:29, Ohabolana 4:14-15, sns.
4. Kolosiana 3:21 Inona no torohevitra omen'ny apostoly Paoly ho an'ny raim-pianakaviana? (Jereo koa ny Efesiana 6:4).
5. Inona no fampaherezana azonao omena olona iray (ankizy na olon-dehibe) kivy noho ny fitondran-tenan'ny ray aman-dreniny?

### D. Fifandraisana arak'asa

1. Sahiran-tsaina ny olona sasany noho ny faneken'ny apostoly Paoly ny fanandevozana. Inona no azontsika ianarana avy amin'ny torohevitra nomeny an'i Filemona momba an'i Onesimosy izay andevo nandositra? Filemona 15-16
2. Kolosiana 3:22-25 Inona no fitsipika azontsika raisina avy amin'ny torohevitr'i Paoly ho an'ny mpanompo, izay mety hanampy antsika eo amin'ny fifandraisantsika arak'asa?
3. Kolosiana 4:1 Inona no lesona azon'ny mpampiasa ianarana avy amin'ny torohevitry ny apostoly Paoly ho an'ireo tompo? (Jereo koa ny Efesiana 6:5-9)

### E. Fifandraisana eo amin'ny samy olona

1. Kolosiana 4:2-4 Inona no fitahiana azo rehefa mivavaka ho an'ny hafa isika?
2. Kolosiana 4:5-6 Inona amin'ny torohevitra omen'ny apostoly Paoly momba ny fifandraisana eo amin'ny olona no tena misy fiantraikany indrindra aminao?